# 8 NY ANGANO

## TANJONA

Mikendry ny fahafehezan'ny mpianatra ny atao hoe anganao sy ny fahafantarany ireo singa samihafa mandrafitra ny angano.

## LESONA HOTADIDINA

**Famaritana :**
Ny antsoina hoe angano dia tantara miresaka momba ny fiforonan-javatra iray, ny fiandohan'ny zavatra na fomba iray. Natao hialana voly sy ho fitaizana ny angano teo amin'ny 'Ntaolo fony tsy mbola nisy ny sekoly rindrina. Ankehitriny dia mbola mitana izany anjara asa izany ny angano. Fahiny dia anisan'ny fitaizana ny ankizy madinika hahafantatra ny tontolo manodidina azy ny angano, mba hikajiany sy hikolokoloany izany. Natao ihany koa mba hampanajana azy ny fomba, ho fampahafantarana ny finoana malagasy sy ny manodidina izany na ireo foto-pisainana samihafa, toy ny hasin'ny ray aman-dreny, ny fisian'Andriamanitra Andriananahary.

**Ny mampiavaka azy amin'ny karazan-dahatsoratra hafa :**
Miavaka amin'ny karazan-dahatsoratra hafa izy.

**Ny mpandray anjara :** miavaka satria mety ho olona na biby na zavatra, ka manana toetra mampitolagaga izany hoe mahavita zavatra tsy takatry ny saina.

**Ny fotoana** : tsy voafaritra mazava fa lazaina fotsiny hoe "fahiny" na "taloha" , sns

**Ny toerana** : toerana foronina, satria tsy tantara marina ny angano ohatra : Ambohitsitononina, na tany anaty ala

**Ny zava-miseho** mety hampalahelo na hampihomehy

**Ny toe-javatra iaingana** izay ahitana andian-teny fanombohana toy ny hoe: Nisy hono…., Niainga hono …, Indray andro hono…

**Ny toe-javatra manelanelana** izay ahitana olana sy ny vahaolana

**Ny toe-javatra iafarana** izay ahitana andian-teny toy ny hoe: Izany hono, no …; Angano angano, arira arira.

### Sahanasa 1

**FANADIHADIANA**

*Lahatsoratra :* **Izy mianadahy razantsika.**

Tany anaty rano, hono, no fitoeran'izany Rasoalavavolo izany, ka ny hatsaran-tarehiny sy ny halavan'ny volon-dohany no nanomezana azy io anarana io. Ny sasany nanao azy ho Vazimba, fa ny sasany kosa milaza azy ho andrian-dresy.

Koa indray mandeha, dia namangy azy izany Rasoavolovoloina izany hangata-jaza taminy ka nanatitra masom-bola roa. Dia nomen-dRasoalavavolo vatokilonjy roa kosa izy, ka tonga zaza mianadahy ireo.

Nony ela, lehibebe ireo zaza ireo, dia lasa namangy an-dRasoalavavolo tany anaty rano ka nanatitra voahangy iray sampily ho azy ; nefa sendra natory izy no tonga izy mianadahy ka tsy tafahaona taminy.

Ary nony ampitso dia lasa namangy azy indray izy mianadahy, ka noraisiny avokoa ny zavatra nentiny. Dia notsofiny rano izy mianadahy ka izy ireo, hono, no nahatonga ny Malagasy mandraka ankehitriny hanome hasina ny Vazimba, ka hanatitra fanatitra, na hanao sorona

eny amin'ny fasana, na farihy, na renirano heverina ho fonenan'izy ireo.

→ Vakio mangina intelo ny lahatsoratra.

1) Oviana no niseho ny tantara? Taiza?
2) Iza avy ireo mpandray anjara?
3) Lazao ny toe-javatra iaingana; ny toe-javatra manelanelana; ny toe-javatra iafaran'io angano io.
4) Ampifandraiso amin'ny alalan'ny tsilo ny mpandray anjara sy ny toetra ananany.

| | |
|---|---|
| Rasoalavavolo • | • Tsy manadino ny mpanao soa azy ka nanatitra fanomezana. |
| • | • Tompon'ny hatsaran-tarehy sy ny fahefana. |
| Izy mianadahy • | • Tsy afa-po satria tsy nanan-janaka ka nitady vahaolana. |

5) Lazao ny antony nahatonga ny Malagasy hanome hasina ny vazimba araka ny voalazan'ity angano ity.
6) Lazao amin'ny fehezanteny iray ny hevitra ampitain'ity angano ity.

**Sahanasa 2**

FAMPIHARANA

1-Ny saka sy ny totozy

Indray mandeha 'ty saka hono
Nantsoin'izay totozy izay
Ndao isika samy hatono
Ka ho hita izay tsy may.

2-Ny totozy no aloha
Nototofana kitay
Andraso, andraso hoy izy aloha
Nihady lavaka izy izay.

3-Areheto amin'izay
Nisitrika izy ka tsy may
Nony afaka avy tao
Dia nirehaka ho mahay.

4-Fa ny saka kosa hono
Ny mihady lavaka tsy hainy
Tao izy dia voatono
Ary tapitra ny ainy.

***Nalaina tamin'ny boky tatelin-jaza***

Fanontaniana :

1) Lazao ny lohatenin'io angano io.
2) Iza ireo mpandray anjara hita ao ?
3) Lazao ny toerana nisehoan'ny tantara.
4) Inona no toe-javatra iaingana ?
5) Lazao ny toe-javatra manelanelana..
6) Inona kosa ny toe-javatra iafarana ?

## Sahanasa 3

1. Omeo ny famaritana ny atao hoe angano
2. Inona avy ireo singa mamaritra ny angano ?
3. Manomeza angano fantatrao ka omeo ny :

| | |
|---|---|
| - Ny fotoana.<br>- Ny toerana.<br>- Ny mpandray anjara | - Ny toe-javatra iaingana<br>- Ny toe-javatra manelanelana<br>- Ny toe-javatra iafarana |

4. Manomeza angano iray hafa fantatrao.